Ambohitrimanjaka sy ny manodidina

## Mampididoza ny fanotofana ny tany eny

Nihaona tamin'ny mpanao gazety tao Antaninarenina ny solontenan'ny mponina ao Ambohitrimanjaka sy manodidina, voakasiky ny tetik'asa Tanamasoandro, kasain'ny fitondràna hapetraka eny antoerana omaly 20 desambra 2019. Manamafy hatrany ny mponina fa laviny marindrano ny hanotofana ny taniny, satria maro ny zavatra mahatonga anay handà hatramin'ny farany io tetik'asa io hoy izy ireo. Tany manana ny lazany manokana Ambohitrimanjaka sady faritra ivelomian'ny mponina an'Aliny. Lemak'i Betsimitatatra izay miaro ny tsy hisian'ny tondradrano ihany koa, sady mamokatra vary izay foto-piveloman'ny Malagasy. Namafisin'ny solontenan'ny mponina, fa mampididoza ny fanotofana sy fanatombohana angady ny fefiloha izay efa nahitàna zavatra hafahafa niseho izany andro vitsy nanaovana zavatra tsy tokony natao teny. Koa miantso ny filohan'ny repoblika izahay mba hamindra io tetik'asa io any an-toeran-kafa izay tsy totofana intsony fa avy hatrany dia manorina ary tsy mila ady. Ilaina ny fandrosoana, nefa kosa jerena ihany ny toerana tokony hasiana izany. Eto ihany koa izahay dia miantso ny mpampahalala vaovao rehetra indrindra ny RNM sy TVM, mba hijery ny hetahetanay satria raharahampirenena mihintsy ny ao Ambohitrimanjaka. Miantso ny filohan'ny holafitry ny mpanao gazety mihintsy izahay satria ny mpanao gazety izay mandefa anay hatrany no manao, fa ny hafa tsy hita mihintsy. Aiza ilay zon'ny olona ahazo vaovao?

***Helisoa***

Filohan'ny Fjkm

## Lavina marindrano ny sôdômita



Mazava sy hentitra ny fanambarana sy ny hafatra avy amin'ny Filohan'ny FJKM, ny Mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi omaly teny amin'ny Fjkm Andrainarivo Fahasoavana. Nosoritany fa tsy azo ekena ary toherina hatramin'ny farany ny fanambadian'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy na ny antsoina hoe : sôdômita. Izany koa dia efa nanaovan'ny FFKM, fiombanan'ny fiangonana kristiana eto Madagasikara izay ahitana ireo fiangonan-dehibe 4, fanambarana iombonana tany aloha tamin'ity taona ity. Voizina eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny resaka zon'olombelona, fa azo ekena ny sôdômita, izay baiko avy amin'ny framasao (franc maçon) izany. Antsoina araka izany ireo Mpitsara mba tsy hanaiky mihitsy ny fampiharana, fa hanafoana avy hatrany izay rehetra endrika mitarika any amin'ny fanomezana vahana ny fanambadiana sôdômita. Mazava ny foto-dalàna sy fitsipiky ny FJKM ny amin'ny filazana ny fanoherana ny fanambadian' ny mitovy fananahana ary fandikana ny Soratra Masina voarakitra ao amin'ny Baiboly ihany koa izany. Notsiahivin'ny Filohan'ny FJKM anefa, fa ny FJKM dia tsy manilika mihitsy ireo olona manana toetra ho sôdômita, fa mitarika azy ireo kosa ary manoro ny sitrapon'Andriamanitra, fa lalan-diso tsy hahazoana ny Fanjakan'ny lanitra ny fanaovana sôdômita, fitoriana azy ny filazantsara famonjena no atao, mba tsy ho tafiditra amin'izany sôdmita izany. Miantso ny kristiana ihany koa ny tenany hijoro hatramin'ny farany hanohitra ny lalàna fanomezana vahana ny sôdômita ary hivavaka mandrakariva mba tsy hitsahatra. Tsiahivina, fa ny filohan'ny FJKM, dia filohan'ny FFKM sy ny FFPM tamin'ity taona ity.

***Radafy***

Arlette Ramaroson

## Voararan'ny lalàna velona ny fanambadian'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy



Mitondra ny fahitany ilay voalaza fa volavolan-dalàna momba ny fisian'ny fanambadian'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy, ny mpahay lalàna iraisam-pirenena, Ramatoa Arlette Ramaroson. Mazava ny lalàna malagasy 2007 -022 tamin'ny 20 aogositra 2007, hoy izy, fa ny fanambadiana dia natao ho an'ny lahy sy ny vavy ihany ary voarara ny fanambadiana samy lahy na samy vavy, ka izay lalàna manohintohina an'izany dia foana avokoa. Kanefa aoka ho mailo ihany isika malagasy sao sanatria ovàna izany principe na foto-kevitra izany. Ny article 331 code pénal dia toy izao koa momban'ny sôdômita : « sera puni d'un emprisonnement de 2 à 5 ans et d'une amende de 2.000.000 de ariary à 20.000.000 de ariary quiconque aura commis un acte impudique ou contre nature avec un individu de son sexe mineur de moins de 21 ans ». Izany hoe na misy consentement na fifanarahana aza avy amin'ilay tsy ampy taona dia voasazin'ny lalàna ilay nanao heloka, fa ankoatra izay raha misy consentement dia tsy voasazin'ny lalàna... Koa raha misy finiavana hanangana ny mariazin'ny samy lahy sy samy vavy dia tsy maintsy misy refonte na fanorenana ifotony goavana, izay tsy maintsy ierana amin'ny vahoaka... Ny tokony hangatahina dia izay hevitry ny vahoaka izay dia ny hevitrin'ny vahoaka no ampiharina, hoy ny fanazavan-dRamatoa Arlette Ramaroson.

***Isambilo***

Madagasikara

## Misy mitady hitondra any amin'ny lalan-diso

Tsy mahataitra ny mpanarabaovao ny fihetsiky ny fitondrana ho amin'ny fikendrena zavatra hafahafa eto amin'ny firenena miditra amin'izao volon'andro fety izao. Ho an'ny marivo salosana dia mora jamba sy voafitak'ireny rentirentin-javatra samihafa manoloana ny lapan'Ambohitsorohitra sy Antaninarenina ireny. Mazava loatra fa misy tiana hahatongavana ao anatin'izany kanefa tsy mandeha amin'ny lojikan-javatra. Ny zava-misy mifanohitra, etsy andaniny misy vahoaka rotehin'ny fahantrana sy ny fahasahiranana lalina amin'ny fidangan'ny vidim-piainana andro aman'alina, misy vahoaka mitaraina sy miady fo mafy mba tsy hotototofana ny tanindrazany izay tena iankinan'ny fiainany manontolo sy ny maha izy azy ny firenena mihitsy, sns. Etsy andaniny anefa ny fitondrana maneho fihetsika hanehoana famirapiratana handaniam-bola tsy hita pesimpesenina, izay toa miendrika kisary fanakonana ny zava-misy marina eto amin'ity firenena ity. Hanakonana ny fahantrana misy eto amin'ny firenena kanefa ihany koa hanodinana ny saim-bahoaka tsy hifantoka amin-javatra mampahory azy andro aman'alina. Nisarika ny sain'ny mpandinika ny fihikan'ny mpitondra ny fiangonan-dehibe amin'ny fanoherana marindrano tsy misy adihevitra ny amin'ny fanambadian'ny lahy samy lahy sy ny vavy samy vavy. Tsy mandehandeha ho azy izany matoa mihamiverimberina sy miha atao antso mafy eto amin'ity firenena ity. Ho an'ny maharaka ny fandehan'ny raharaha eto amin'ny firenena dia efa aretimandoza avy any ivelany any irifana halentika eto izany sy hamahatra eo anivom-piarahamonina mùalagasy. Mazava loatra fa tena mifanohitra tanteraka amin'ny soatoavina malagasy izany, ka izay mihevitra izany dia tena fositra sy fanetriben'ity firenena ity mihitsy. Araka izany mila mandinika lalina ny vahoaka ny amin'ny fikasana toy izany hitondrana ny firenena.

***Sôh'son***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fiainam-pirenena Fitakiana ny fahamarinana ihany koa ny Krismasy

Higadona tsy ho ela ny krismasy hankalazana ny nahaterahan'ny mpamonjy, afaka andro vitsy azo isaina amin'ny rantsantanana ilany. Andro lehibe manan-tantara io satria nahaterahan'ilay zanak'Andriamanitra tonga nofo, fototry ny fivavahana kristiana io fahaterahana io, satria ny teny hoe kristiana dia sampanteny avy amin'ny hoe Kristy, ka raha vao miresaka izany dia ny fahamarinana no tokony ho tonga ao an-tsaina voalohany. Fotoana fampanjakana sy fitakiana ny fahamarinana koa arak'izany ny vanin'andro toy izao.

Amin'ny fotoana toy izao dia maro ireo mivoy ilay teny vahiny hoe "trêve », izay midika hoe fahangimana tsy haneho hevitra na fanapenambava tsotr'izao, dia alaimpanahy hanaraka izany ny olompirenenena, ho an'ny eo amin'ny fitondrana dia mety aminy ilay « trêve » satria zarany aza mangina tsy milaza ny marina ireo tsy mitovy hevitra, ka na ireo tsy mitovy hevitra ireo koa aza dia lasa miroaroa saina alaimpanahy hangina, kanefa dia heloka sy firaisana tsikombakomba izany.

Koa vao mainka aza tokony mila miteny amin'ny feo avo milaza ny zava-misy sy ny zava-marina, tsy ny fihinanambe na ny fitondrana fitafiana mianjaika, na ny fanaovana jiro mirentirenty no antsoina hoe krismasy, fa ny fametrahana ho zavadehibe ilay fahamarinana, ary aoka tsy ho adinoina fa Kristy dia teraka tao antranon'omby.

Fa raha vao miresaka krismasy dia mirona amin'ny nahaterahan'ny mpamonjy ny sain'ny rehetra kanefa tsy tokony ho faty ao an-tsaina ihany koa, ny zavadoza nataon'i Heroda mpanjaka lozabe nampamono zaza marobe noho ny fahatahorana an' ilay Mesia, mbola misy ny toa an'i Heroda satria ny fakana tanimbarin'olona, ny tsy fanomezana rano fisotro, ny hosoka isankarazany toy ny halabato amin'ny fifidianana dia tsy fahendren'i Kristy, fa fanahy ratsin'i Heroda izay mitovy amin'ny famonoanjaza ihany.

Ilaina ny mijoro sy milaza ny marina ao anatin'ny fotoana fankalazana ny krismasy, saingy tokony hatao ao anatin'ny filaminana ny fanehoankevitra, ary ireo mpitandro filaminana dia andrandraina indrindra hiaro ireo mpaneho hevitra, fa sanatria tsy hanao toy ireo miaramila nataon'i Heroda fitaovana fahiny.

***Ny Valosoa***

### TONONKALO

## Mpitondra maty am-pitsanganana

Ny mivarotra no hain`ireo mpitondra ankehitriny.
Indreo mitohy ny hadalany tamin`iny lalana iny.
Maika ny hahazo vola, hisehoana sy hilibana,
Dia tetehiny hamidy na ny an-tsaha na ny an-tanàna.

Tsy voambolana ampiasainy izany hoe "mangarahara".
(Efa ho lafony ambongadiny ito Madagasikara!)
Volabe no re fa azony saingy tsy hay izay niaviany,
Tsy hanasoavana vahoaka fa hanaovany izay tiany !

Ny vahiny no manjaka sady mihamahazo laka,
Fa ny teratany kosa, mihaosa, tsy mitraka.
Izay mijoro mba hiaro ny vahoaka sy ny taniny
Dia anaovana antsojay no sady tena ilàna vaniny.

"Fivarotan-tanindrazana", izany izao no laza adina,
Ary vaovao manaitra sady tena misongadina.
Ny mpandray anjara fototra amin`izany rehetra izany
Dia ireo tia vola maloto : ny mpitondra hatrany hatrany.

Toa milamina ny sainy, ka dia sahiny dia sahiny
Ny mivarotra ambongadiny, eny, hatramin`ny fanahiny !
Ireo ilay azo sokajiana ho efa "maty am-pitsanganana"
Ka ny handevina azy sisa no ilàna fanentanana.

***SEDERA RAVALISON (20-12-19)***